# Hafatra 6 ho an'ny fiangonana

## Ny fanasitranana mahagaga sy ny fanasan'Andriamanitra ho any an-danitra

TRANONKALA

Teny fampidirana




Tamin'ny volana mai taona 2006, nisy mpanompon'Andriamanitra iray nentina tany an-danitra ka nahazo

Fanambarana ireo hafatra enina. Brani Duyan @ Efendie, 52 taona, FOKO Dusun.Niandraikitra ny fiangonana Evanjelika tao Borneo Kot Belud, Sabah (tao Malaysia Antsinanana izy) amin'ny maha zokiolona azy. Mpitandrina tao Malangkap Baru, Kota Belud avy eo dia lasa filohan'ny fiangonana là SIB Bayayat de 2005-2006.



Nandeha tany Malaysie andrefana izaho sy madama hanatrika ny mariazin-janako tamin'ny 21 aprily 2006. Indrisy anefa, nisy aretina mafy tsy nampoizina nahazo ahy herinandro taorian'io. Nentina maika tany amin'ny toeram-pitsaboan'ny anjery manontolo tany Malaya aho hojeren'ny dokotera. Nolazainy tamin'izany fa nisy tapaka ny fifandraisan'ireo sela tao amin'ny atidohako ka nila fandidiana maika aho.

Tao aorian'ny fandidiana dia tsy nahatsiaro tena nandritry ny herinandro aho ary mbola tao anatin'ny efitra fitsaboana olona marary mafy nandritry ny iray volana. Maro ny mpanompon'Andriamanitra namangy ahy, anisan'izany ny : –filohan'ny SIB-Sabah teo aloha –ny mpitandrina Taipein Melidoi, ny mpitandrina mpanampy azy Datuk Arun Selutan, ary ny mpitandrina Michael



Nanonofy oram-batravatra nilatsaka tamiko aho, nadikako hovalin'ny vavaka nataon'ireo mpitandrina mba hahasitrana ahy io nofiko io.Haingana tsy araky ny niheverako azy ny fahasitranako vokatry ny herin'Andriamanitra.Indray andro, tamin'ny herinandro fahatelon'ny volana mai 2006 misasakalina, nahatsapa tena ho hafahafa aho.

Tsy nahita tory aho raha toa ka natory maty avokoa ireo marary hafa rehetra, Nifantoka tany amin'I Jesosy manontolo ny saina amam-panahiko tamin'izay.Tsaroako ny teny ao amin'ny isaia 43:26 « *Ampahatsiarovy Aho, ka avia isika hifandahatra; alaharo ary ny teninao, mba hahitana*

*izay mahamarina anao.»*

Nodinihiko maharitra ireo teny ireo satria mbola te-hitohy hifantoka amin'ny Tompo jesosy ihany aho.Tsapako fa teo anilako Andriamanitra tamin'io fotoana io.

Nanomboka nivavaka mafy ny fanahiko.Taorian'izay dia niezaka natory aho fa tsy nety, nidaboka teo ampandriana aho. Tampoka teo, reko misy mikapokapoka ny soroko sady misy manafosafo ny lohako nandritry ny fotoana elaela.Tsapako misy zavatra hafahafa mahavariana mikoriana any anatiko any.

Noheveriko ho fitiavan-janaky ny Ray izany. Nanontany tena aho hoe iza ary izany? Rehefa nitodika aho hijery dia talanjona raha nahita tovolahy ranjanana no sady tsara endrika amam-bika, lava hatreo amin'ny tendany ny volony, manao akanjo fotsy izy. Nanontaniako izy : « *Ny Tompo, ilay neritreretiko teo va ianao? Nandà tamin'ny lohany izy.Iza ary ianao raha izany? » Nanomboka niresaka tamiko izy noho ny farany :«Mpampita hafatra avy any an-danitra aho, Nirahin'I Jesosy hilaza aminao vaovao tsara».*Fantatro nanomboka teo fa anjelin'Andriamanitra izy ka nanontaniako : «Inona izany *vaovao tsara tianao holazaina amiko izany? »* Hoy ny navaliny ahy, «Ho any am-paradisa ianao anio alina».Teo noho eo dia tsapako tony sy nilamina aho na dia mbola narary aza. Tsy nandre fanaintainana intsony aho, sitrana tanteraka raha vantany vao nolazain'ny anjely tamiko ny handehanako any an-danitra.Noteneniko taminy fa vonona hanaraka azy aho fa efa maika hahita ny Tompoko.

Nony nandeha izahay dia hitako ny vatako mbola eo ampandriana.Nahita soavaly lehibe iray aho, hoy izy tamiko, «Io soavaly io no hiondranantsika».Nampiany aho hiakatra eo ambonin'ilay soavaly noho izy lehibe loatra. Gagagaga aho nanontany azy :

-«Mahatonga antsika any ve io?»

-«Eny, hoy izy nanome toky ahy, Aza manahy na matahotra. Efa novakianao ve ny tenin'andriamanitra momba ny nampakarana an'I eli tany an-danitra?»

-«Eny, hoy aho, efa novakiako, *kalesy afo taritina soavaly afo no nitondra azy».*

-*«Marina izany, hoy izy, iray amin'ireo ity itaingenantsika ity».*Nandeha miadana aloha izahay fa rehefa tokony ho zato metatra dia nihamafy ny dian'ilay soavaly ka tsaroako toy ny nisy tafio-drivotra mafy namely ahy.Nanidina ilay soavaly avy eo, mora taminay ny nandingana tendrombohitra maro noho ny voninahitr'Andriamanitra.Tsy hitahita dia tonga teo amin'ny kianja malalakabe iray feno ahi-maitso tonga lafatra tsy misy malazo izahay.Salamo 23 :2

***«Mampandry ahy amin'ny ahi-maitso Izy; mitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy.»***

Rehefa nijanona ilay soavaly dia nidina izahay ka nanomboka nandeha tongotra.

Ary hitako teo anoloan'ny masoko ny fanjakan'Andriamanitra, r a h a mbola teo ampandehanana izahay dia nandre lakolosy aho.Nanontaniako ilay anjely niaraka tamiko ny amin'io ka hoy izy :«Maneno izany lakolosy izany manambara fa misy olona tonga»

Nanohy nandeha ihany izahay raha mbola nitohy naneno koa ilay lakolosy no nahita hazavàna mena toy ireny jiro fambara fijanonana ireny aho teo amin'ny tafon'ny trano tsara tarehy

iray. Misy marika (51) eo amin'io hazavana io.Nanontaniako ilay anjely ny dikan'io marika io ka hoy izy tamiko: «Firy taona moa ianao izao?» 51 Taona aho tamin'izay. «Io marika io, hoy izy, dia ny taonao amin'izao fotoana izao sy ny laharan'ny tranonao aty»

Nahatsapa fiadanana sy hasambarana aho raha nahita fa efa nanomana trano maro I Jesosy ho an'ireo mpino sy mpanaraka azy.Nandroso ihany izahay ka tonga tao amin'ny trano lehibe feno olona.Mino aho fa ireo olo-masina voafidy ireo.Nidera an'Andriamanitra izy ireo.Mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany ny Tompo mandritry izany dia mitohy manompo sy midera azy ireo olona rehetra ireo.Midera amin'ny fony manontolo izy ireo, mandihy, manandra-tanana, mandohalika.Hoy aho tao anatiko lalina: «raha mba ny olona eny ambonin'ny tany mantsy izao no midera toy izao dia *hirehareha fatratra Andriamanitra*».Hitako fa nisy olona maro nidera an'andriamanitra.Feno tsiky ny tavan'i Jesosy mahita azy ireo midera am-pitiavana tokoa. Manandratra ny tanany izy ireo fa ny Tompo kosa manome tso-drano azy, mandehandeha eo anivon'izy ireo ny Tompo ka mamafa ny ranomasony.Tsaroako teo ny tenin'andriamanitra ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy 21 :4 ***« Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana… »***

Nentin'ilay anjely teo amin'i Jesosy aho.Hoy ilay anjely taminy :*«Tompo ô!Ity ilay zanaka voafidinao»*, hoy ny navalin'ny Tompo ***«Tsara izany anaka, tonga ianao izao. »***

Norohany aho ka tsaroako sambatra sy niadana, latsa-dranomaso mihitsy aho tamin'izany. Niravoravo fatratra ny fanahiko noho i Jesosy nanoroka ahy.

Niteny ilay anjely avy eo : *« Tompo o ! narary izy tamin'ny fahatongavako teny ambony tany, fa efa salama tsara izy izao.»*

***Hitako sy reko ny zava-nisy rehetra ,*** hoy ny navalin'ny Tompo

Hoy ihany ilay anjely nanohy: *«Reko ny vadiny nivavaka. »*

*Nivavak'izy hoe : «Tompo ô!Ampio izahay raha azo atao, aza mbola alaina aminay izy fa mbola tsy vonona izahay . »*

*« Izay ny vavaka nataony ry Tompo. »,* avy eo nilaza i Jesosy hoe ***« Fantatro daholo izany. Mpinomahafotra-po ny vadiny mivavaka marina ary tsy mihambahamba. »***

Vao may latsa-dranomaso aho raha nandre fa matoky an'Andriamanitra ny vadiko.Avy eo dia niteny tamiko ny Tompo hoe : ***« Miverina any an-tany aloha ianao fa mbola tsy fotoana tokony hijanonanao aty izao.Mbola betsaka ny asa miandry anao rehefa tonga any ianao ho laninao amin'ny fanompoana ahy ny fotoanao rehetra».*** Fa namaly aho ka nanao hoe : *« Aza miangavy ahy hiverina any ianao, Tompoko, raha azo atao, mahatsiaro sambatra aho eto anilanao.Miadana tanteraka aho eo akaikinao tsy te-hiverina aho, azafady indrindra».*Hitako teny amin'ny endriny fa diso fanantenana izy.Nangata-pamelana taminy aho noho izany :*« Tompo ô ! Hiverina eny ambonin'ny tany aho raha izay no sitrakao fa miangavy indrindra, mba*

*omeo hery, aoka homba ahy ianao amin'izay rehetra ataoko.Mitahia ahy na aiza na aiza alehako»,* ka niteny Jesosy hoe : ***«Eny, aza matahotra fa izay toerana rehetra anompoanao ahy dia ho eo anilanao aho ».***
Nanana hafatra ho ahy ny Tompo, hampita amin'ny olombelona.Nilaza tamiko izy fa tokony hampita hafatra ho an'ny zanakin'ny Tompo rehetra aho .***« Zava-dehibe loatra ny andrenesan'izy ireo ity hafatra ity. »*** hoy Jesosy.Nolazaina aho fa ho sahirana tokoa ny amin'ny fampitana io hafatra io.Tian'i Jesosy koa ny hizarako ny fiainako tany an-danitra amin'ny zanak'Andrimanitra rehetra mba hitahiana azy ireo sy hanavaozany ny fanoloran-tenany.

Niteny tamiko i Jesosy :***« Rehefa miverina eny ambony tany ianao, lazao amin'ny zanako ireo hafatra ireo.»*** **(Hafatra enina no nolazain'ny Tompo.)**

***Hafatra voalohany***

***« Teneno ireo zanako hino ahy amin'ny fony manontolo, amin'ny heriny sy ny fanahiny.Ireo izay tsy mino sy miahiahy dia tsy ho lasa aty. »*** Hoy Jesosy Tompo.

***Hafatra faharoa***

***« Teneno ny zanako fa tokony handeha hivavaka any am-piangonana am-pinoana, satria rehefa hamiratra eo anoloany aho amin'io fotoana io, hitady ny tavako izy.Tena ho sambatra aho raha manompo ahy ny fiangonako.»*** Hoy ny Tompo.

***Hafatra fahatelo***

***« Lazao ny zanako fa mila mivavaka am-pinoana, manao izay sitrako ary miaina araka ny teniko.» Hoy Jesosy Tompo.***

***Hafatra fahaefatra***

***«Lazao ny zanako fa tokony hanome ny ampahafolon-karena sy fanatitra am-pinoana.»*** Hoy Jesosy Tompo.Tamin'ny fotoana nilazan'i Jesosy ilay hafatra niteny izy hoe***:«Ry zanako, jereo! »*** Nanehoany ireo trano tsara rehetra natokany ho an'ny zanany aho:***«Ry zanako vonona ireo trano ireo, nomaniko ho an'ireo zanako mino sy manaraka izay lazaiko ireo. »***
Avy eo naseho trano tsy mbola vita aho.Nanontany aho hoe : *« Tompo !Fa maninona ireny trano ireny no toy izao ? ».*
Niteny i Jesosy Tompo : ***«Ry zanako, ireny trano ireny dia natao ho an'ireo ankizy tsy manome ny ampahafolon-karena sy fanatitra am-po sy am-pinoana.Ireny trano ireny dia ho vita rehefa manome ampahafolon-karena sy fanatitra betsaka ao an-tranoko ireo zanako.»***

***Hafatra fahadimy***

***«Lazao ireo zanako fa tokony hankininy amiko am-bavaka ny harenany rehetra mba hiarovako sy hitahiako azy ireo, dieny mbola eny ambony tany izy ireo , mba tsy hiakin-doha amin'ny harenany ety an-tany izy ireo amin'ny fiaviako faharoa eny ambony tany. »*** Hoy Jesosy Kristy Tompo

***Hafatra fahaenina***

***«Lazao ny zanako mba ho vonona sy hiambina hatrany fa ho avy aloha aho fa tsy toy ny eritrerin'izy ireo.»*** Hoy Jesosy Tompo***.***

(Tsy fatatra ny fotoana hiavian'ny Jesosy Kristy Tompo fa tsy maitsy ho avy ny fampiakarana.Ho avy tsy ho ela ny Tompo)

Tamin'ny fotoana nampitan'ny Tompo amiko ny hafatra fahaenina, nasehony ny lanitra aho izay mazava sy tsy misy rahona.Avy eo nosokafany manoloana ny tany ny tanany, ***« Vonona ny handray ny zanako aho. »***

Avy eo nahita olona miakanjo fotsy, misidina manakany an-danitra mba hihaona amin'I Jesosy Tompo.Voahodidina amin'ny havia sy havananan'i Jesosy.Ireo izay nino an'Andriamanitra dia nampakarina.Nahita ny fianakaviako nampakarina koa aho.Afaka nahita lehilahy sy ny vadiny ary ny zanany nampakarina aho.Nampiadana ahy ny nahita izany.

Nanamafy i Jesosy : ***« Jereo any ambany ! ».***

Avy eo nanehoan'i Jesosy ireo zava-nisy mahatsiravina aho.Tsy nisy fitoniana nandritran'io vanim-potoana io.Hitako mihazakazaka ampitabataba ireo olona.Ireo Ray aman-dReny mitady ireo zanany ary ireo ankizy mitady ny Ray aman-dReniny.

Natoron'i Jesosy ny fiangonana tao amin'ny toerana nahaterahako aho.Nalahelo aho fa betsaka ireo olona izay navela.

Nilaza tamiko i Jesosy hoe : ***« Matokia ahy ! tsy maintsy ampitainao amin'ireo olona eny ambony an-tany izay hitanao sy renao. »***

Naverin'ilay anjely tety an-tany aho tamin'ilay soavaly nitondra anay tamin'ny voalohany. Tsy ela dia tafaverina tety an-tany.Avy eo nentin'ilay anjely tany amin'ny tobim-pahasalamana aho.Teo am-pijerena ny vatako aho, no niditra tao aminy ny fanahiko.Tsikaritro fa sitrana tanteraka ny aretiko.Voninahitra anie ho an'Andriamanitra nohon'ny heriny.Tadidiko fa tamin'izaho tany an-danitra, toy ny vatako tamin'ny fahatanorako ny vatako.



**Toy izay no fijoroako vavolombelona ny amin'ny nifankahitanay sy ny Tompo Jesosy tany an-danitra.**

Mpandika teny : Rindraniaina Hasina horthensia @ mailaka